FLM TOBY FANANTENANA 67 Ha
Fiombonam-bavaka Alahady IV manaraka ny Paska
Herinandro 15-20 Mey 2017
"Miderà an'i Jehovah"
*

Fitarihan-kevitra: Ny hoe "Midera an'i Jehovah" dia ny manandratra avo ny Anarany sy ny manome voninahitra lehibe indrindra ho Azy. Fa avo noho ny anarana rehetra Izy, ary ny voninahiny mahenika ny tany sy ny lanitra. Tsy misy toa Azy tokoa, fa Izy no nahary izao rehetra izao, ary Azy izao rehetra izao, ka dia hoy ny fitaoman'ny mpanao Salamo : *"Samia midera ny anaran'i Jehovah avokoa, Fa ny anarany ihany no misandratra; Ambonin'ny tany sy ny lanitra ny voninahiny*" Sal.148:13. Manana adidy manokana hanao izany indrindra ny mpino rehetra araka ny voasoratra hoe: *"Mankalazà an'i Jehovah, ry olony masina, ka miderà ny anarany masina"* Sal.30:4 Ary dia anteriny izany raha hoy Izy: *"Ny zanaka manaja ny rainy, ary ny mpanompo ny tompony; koa raha Ray Aho, aiza ary izay hajako? ary raha Tompo Aho, aiza izay tahotra Ahy? hoy Jehovah, Tompon'ny maro"* Mal.1:6. Sambatra ny olona izay miaina ny fiderana an'Andriamanitra, fa Andriamanitra dia akaky izay midera Azy ary manome teny fikasana lehibe manao hoe: "*Izay manome voninahitra Ahy no homeo voninahitra"* 1 Sam.2:30.Ny fiderana an'Andriamanitra dia mandresy ny herin'ny devoly rehetra ary manalavitra ny fakam-panahy mety mahazo ny olon'Andriamanitra. Rehefa izany dia *"Mihirà ho an'i Jehovah, misaora ny anarany; Lazao isan'andro isan'andro ny famonjeny mahafaly"* Sal.96:2.

Alatsinainy 15: **Miderà an'i Jehovah noho ny Anarany.**
"Miderà an'i Jehovah, miantsoa ny anarany" Isa.12:4[a].
Vakiteny 1: Asa.22:6-16. Vakiteny 2: Isa.12:2-4. Toriteny 1 (safidy). Toriteny 2: Isa.12:4. Teny manampy:
- *"Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao"* Jer.33:3.
- *"Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena (Joe.3:5)"* Rom.10:13.
- *"Fa Jesosy nanao taminy hoe: Marina ny naminanian'Isaia anareo mpihatsaravelatsihy, araka ny voasoratra hæ: Ity firenena ity manaja Ahy amin'ny molony, Fa ny fony kosa lavitra Ahy"* Mar.7:6.

Talata 16: **Miderà an'i Jehovah noho ny famindram-pony.**
"Hidera Anao aho, Jehovah ô; Fa na dia tezitra tamiko aza hianao, dia afaka ny fahatezeranao" Isa.12:1.
Vakiteny 1: Sal.103:8-16. Vakiteny 2: Isa.12:1-2. Toriteny 1 (safidy). Toriteny 2: Isa.12:1. Teny manampy:
- *"Nefa noho ny haben'ny fiantranao dia tsy navelanao ho lany ringana izy ary tsy nafoinao, satria Andriamanitra mamindra fo sy miantra Hianao"* Neh. 9:31.
- *"Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin'i Jehovah Andriamanitrareo; Fa mamindra fo sy miantra Izy, mahari-po sady be famindram-po ary manenina ny amin'ny loza"»* Joe.2:13.
- *"Fa famindram-po no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-drà, ary fahalalana an'Andriamanitra noho ny fanatitra dorana"* Hos.6:6.

Alarobia 17**: Miderà an'i Jehovah noho ny asany.**
***"**Mankalazà an'i Jehovah, fa asa lehibe no nataony; Ary aoka ho fantatra any amin'ny tany rehetra izany"* Isa.12:5 .
Vakiteny 1: Efes.2:4-10. Vakiteny 2: Isa.12:5-6. Toriteny 1 (safidy). Toriteny 2: Isa.12:5. Teny manampy:
- *"Ary hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany"* Gen.1:31.
- *"Dia talanjona indrindra ny olona ka nanao hæ: Tsara ny nanaovany ny zavatra rehetra; fa sady mampahalady ny marenina Izy no mampiteny ny moana"* Mar.7:37.

Alakamisy 18: **Miderà an'i Jehovah noho ny asam-pisoronana ataony.**
"Hianao no Mpisorona mandrakizay araka ny fanaon'i Melkizedeka" Heb.5:6.
Vakiteny 1: Isa.53:4-8. Vakiteny 2: Heb.5:1-10. Toriteny 1 (safidy). Toriteny 2: Heb.5:5-6. Teny manampy:
- *"Ary hoy Jesosy: Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony"* Lio.23:34.
- *"Iza no hiampanga ny olom-boafidin'Andriamanitra? Andriamanitra no manamarina azy. Iza no manameloka? Kristy Jesosy no efa maty, eny, sady nitsangana tamin'ny maty koa ka mitoetra eo amin'ny tanana ankavanan'Andriamanitra ary mifona ho antsika"* Rom.8:33-34.

Zoma 19: **Ny mpino hamasinina hidera an'Andriamanitra**
"Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana" Jao.17:17.
Vakiteny 1: Rom.12:1-2. Vakiteny 2: Jao.17:9-17. Toriteny 1 (safidy). Toriteny 2: Jao.17:17. Teny manampy:
- *"Dia hamasino izy, fa ny hanin'Andriamanitrao no ateriny; ho masina aminao izy, fa masina Aho Jehovah, Izay manamasina anareo"* Lev.21:8.
- *"Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, "fanjaka-mpisorona, firenena masina", olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga"* 1 Pet.2:9.

Sabotsy 20: **Miderà an'i Jehovah, Mankalazà nyAnarany.**
*"Ary nihira fihiram-baovao izy ka nanao hoe: hianao no miendrika haka ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny"*Apok.5:9.
Vakiteny 1: Jer.33:8-11. Vakiteny 2: Apok.5:6-10. Toriteny 1 (safidy). Toriteny 2: Apok.5:9-10. Teny manampy:
- *"Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy; Eny, mandrakizay ny famindram-pony"* Sal. 118:29.
- *"Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia"* Sal.148:9.
-*" Mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny etỳ an-tany, na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray"* Fil.2:10-11.

Nota: Ity perikopa ity dia mivoaka amin'ny teny malagasy, frantsay, anglisy ary alemà, ary azo jerena ao amin'ny Sites www.flm67ha.org sy www.hifi-madanet.org ary Facebook "Hira sy Filazantsara". © Madanet